I irak'Allah (S.A.W) dia niteny tamin'ny fiankohofany hoe : "Allah ô, mamelà ny fahotako rehetra, madinika sy lehibe, ny voalohany sy ny farany, ary ny ampahibemaso sy ny miafina

Tatitra azo avy tamin'i Abo horaira (R.A) niteny : I irak'Allah (S.A.W) dia niteny tamin'ny fiankohofany hoe : "Allah ô, mamelà ny fahotako rehetra, madinika sy lehibe, ny voalohany sy ny farany, ary ny ampahibemaso sy ny miafina."
[Mari-pototra] [Notantaraiin'i Moslim]

Nitalaho nandritra ny fiankohofany ny Mpaminany ka niteny manao hoe : (Allah ô, mamelà ny fahotako) amin’ny fanafenana azy, ary arovy amin’izany aho. Koa mamelà ny heloka, ary fafao (izy rehetra), ny tiako ho lazaina amin'ny hoe : (izy rehetra) dia ny kely sy ny vitsy, (ary ny ngeza) lehibe sy ny maro, (ary ny fiandohany) ny fahotana voalohany, (ary ny fiafarany), ary izay misy eo anelanelany (ny mibaribary sy ny miafina) izay tsy misy mahalala afa-tsy lanao, ny voninahitra anie ho Anao.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/5470